TORITENY - ALAHADY PAKA - TAONA D

Nitsanga-ko velona aho ka tafaraka aminao indray

Ry Kristianina havana, an-kafaliana an-karavoana tokoa no anolorana ny fiarahabana, ny firarian-tsoa amin'izao Paka izao, raha misy ny fankalazana ho antsika Kristianina dia ny Paka no farantampony satria ao no fototry ny fiainantsika sy ny finoantsika dia i Kristy tafatsanga-ko velona. Araka ny voalazan'i Md Paoly : « raha tsy nitsangana i Kristy dia foana ny finoantsika… » 'I Ko 15, 17. Noho izany rehetra izany dia faly manolotra ny fiarahabana sy firarian-tsoa ho antsika rehetra tsy ankanavaka na mpivavaka na tsy mpivavaka, na kristianina na tsy kristianina fa fototry ny fiainana maha-olombelona no ankalazaintsika amin'izao Paka izao, nandresy ny fahafatesana i Kristy. Fantantsika fa io fahafatesana io no olana faran-tampony amintsika, misy la clé sy vaha-olana izy ankehitriny satria nandresy ny fahafatesana ny zanak'Andriamanitra. Fantatr'Andriamanitra fa izany tokoa no tena olana amintsika olombelona ary mitady vahaolana mikasika ny fahafatesana io isika olombelona. Iray ihany ny "solution" dia i Kristy tafatsangan-ko velona.

Vakiteny I : Asa 10, 34a. 37-43
Tononkira : Sal. 117 ***Vakiteny II :*** Kôl. 3, 1-4 ***Evanjely :*** Lk. 24, 13-35

Izay no mahatonga antsika ry Kristianina havana, antsika oloaraiky jiaby mifanolotra firarian-tsoa sy fiarahabana amin'izao Paka izao. Ary Paka manokana ity paka 2022 ity satria ao anatin'ny fikatrohana Sinaody isika : Sinaody faha-7 ho antsika eto amin'ny diosezy fa Sinaody iombonantsika amin'ny Eglizy Erantany . Ny Teny Faneva dia iray ihany : Eglizy Olo, Velomin'ny Batemy, Miara-dia, miombona mandray an-tanana ka irahina ho Misionera ho Tabernakla velona. Ny fankalazantsika an' i Kristy tafatsangan-ko velona no mitondra antsika ho Voary Vaovao, Ho Olombelona Vaovao, ho Olon-dehibe amin'ny finoana. Ny vokany dia ireo rafi-pahotana mangeja

antsika izay tsapantsika rehefa nifampitraotra isika amin’ny Sinaody dia manantena fa hiova noho ny herin’ny fahasoavan’i Kristy. Tsy irery intsony fa miaraka amin’ny Mpandresy ka noho izany handresy na dia mafy aza ny ady na dia mideza aza ny dia. Inona no ahafahantsika miteny izany ? Nandresy i Kristy ka hiova ny fontsika satria Olon-dehibe amin’ny finoana tahaka ireo Apostoly roalahy tany Emaosy. Tsy afenina fa tena tantarantsika io tantaran’ny Mpianatra tany Emaosy io. Azo lazaina fa tena nanao Sinaody mihitsy izy ireo.
Nofidina ireo vakiteny ireo, maro ny azo isafidianana amin'izao Paka izao, araka ny taona sy ny lohahevitra tiana ambara, ny vakiteny voalohany tsy miova, fa ny vakiteny faharoa kosa nosafidina ho halalinintsika amin'izao androany izao kosa dia ny taratasin'i Md Paoly ho an'ny Kolosianina ary ny Evanjely dia mitantara izay niseho tamin'ny mpianatra tany Emaosy, i Jesoa nitsangan-ko velona niseho tamin'izy ireo. Vakiteny hita fa hanampy atsika amin'izao Paka izao ireo hivelomana an'izany fety lehibe fototry ny fiainantsika sy ny finoantsika izany dia i Kristy tafatsangan-ko velona. Io no mahatonga an'i Md Paoly nilaza hoe : "Raha tsy nitsangan-ko velona i Kristy dia foana ny finoana". Marina izany satria io no fototry ny finoantsika ary izany no mahatonga atsika ho ravo sy ho faly amin'izao Paka izao.

Raha misy ny firarian-tsoa dia mba ho Paka fiadanana, fihavanana, anjakan’ny rariny sy ny hitsiny tokoa anie izao Paka izao ka hiadam-pinaritra ny tanànantsika, ny tanindrazantsika ary ny fianakaviana tsirairay avy, araka ny hafatry ny Papa tamin’ny karemy : tsy ho kivy amin’ny fanaovan-tsoa. Ny fahasoavan’ny Paka anie hanampy antsika hiroso lalindalina kokoa amin’ny fikatrohana amin’ny Sinaody ka hahatonga ny fianakaviana tsiraikiraiky ho tena « eglizy kely tokoa. Eglizy miara-mivavaka, mivelona ny finoana izany hoe hanambara eo amin’ny mpiara-belona fa i Kristy tafatsangan-ko velona..

Modely amin’izany izay voatantara amin’ny Vakiteny Voalohany. Nijoro ireo Apostoly vavolombelona fa tsy hoe angano sanatria na resabe fotsiny i Kristy tafatsangan-ko velona fa olona velona, tsy matoatoa na lolo i Jesoa fa tena velona tokoa izy miara-miaina amintsika. Voalaza ao amin'ny Asan'ny Apostoly : "Niara- nihinana sy niara-nisotro taminy izahay, niara-niaina taminy izahay talohan'ny niakarany tany an-danitra". Vavolombelona izany ireo Apostoly ary io no ahazoantsika ny làlam-pamonjena ho antsika, izay no mampiova ny fiainantsika satria tsy resabe na fampianarana an-kandrina fotsiny na resaka atao hampanonofy fotsiny na fampianarana hevitra fotsiny ny finoana fa mifototra amin'ny olona nandresy ny fahafatesana izay faratampony amin'ny olana misy amintsika olombelona. Efa nolazaina teo àry fa fantatr'Andriamanitra izay ka nomeny antsika ny la clé dia i Kristy tafatsangan-ko velona.

Raha mandray an'i Kristy isika, raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika, izany hoe ny fisarahana amin'Andriamanitra, izay fahotan'i Adama sy Eva, dia tonga eo anivontsika i Kristy ary izay no ambaran’ny vakiteny voalohany.

Mitoera ao amin'i Kristy

Ny hita ao amin'ny Evanjely dia tena kivy dia kivy ireo mpianatra niala tao Jerosalema hankany

Emaosy, inona ny dikan'izay ? Jerosalema dia tanàn'ny fiadanana, ahazoana ny fahasoavana rehetra, tanàna masina, ary dia nanantena an'izany ireo mpianatra satria nahita ny zavatra nampianariny sy nataon'i Jesoa ka nametraka fitokiana taminy kanefa maty izy. Hitan'izy ireo i Jesoa nifantsika teo amin'ny hazo fijaliana, hitan'izy ireo izy maty dia nalevina ka dia lasa izy ireo satria lavo ilay nantenaina. Niala tao Jerosalema izy ireo, hody any Emaosy hamonjy ny fiainana andavanandro.

Ary fantatra fa fiainana andavanandro tsy zarizary satria tsy ho hita intsony ilay nantenaina. Tahaka izany koa ny fiainantsika amin'izao. Araka ny averimberintsika very fanahy mbola velona ny maro. Very repères ary indrisy lasa manaonao foana.
Nefa teny an-dàlana izy ireo no niaraka taminy i JESO. Izay koa ry Kristianina havana , miaraka amintsika lalandava i Jesoa amin'ny fiainantsika, tsy misaraka amintsika izy fa matetika noho ny fahotana, izany hoe noho ny ataontsika ihany ; ny herisetra , ny avonavona, ny fialonana, ny fitiavan-tena izay mandrakotra ny masontsika, ny fontsika, ny sofintsika, ny tànantsika dia tsy hitantsika i Kristy.
Izany no antony anaovantsika Sinaody : Eglizy miara-dalana… Miara-dia amin'i Jesoa ka raha mihaino azy isika dia Izy hanokatra masontsika. Raha tsy mifampihaino isika fa mihaino fotsiny ny tenantsika dia milentika ny fiainantsika. Raha tena manokatra ny sofintsika isika dia afaka mibebaka. Raha vonona hibebaka isika amin'zao Sinaody izao dia zary mason'Andriamanitra no hijerentsika ny zavatra rehetra ary dia tsy ho kivy amin'ny fanaovantsoa isika, araky ny fanentanan'ny Papa.
Inona tokoa moa no niseho fa rehefa nandray an'i Jesoa ireo mpianatra roalahy na dia hitantsika fa mbola–teny an'avona mihitsy no henontsika tamin'ny tenin'i Kleofasy niteny tamin'i Jesoa hoe ; "Ianao angaha vahiny ?" Izay koa no matetika ataontsika, impiry isika no mandre izany tamin'ny fivoriana nataontsika tamin'ny Sinaody. Mba iza moa izy io no miteny tahaka izany ? Matetika tsy vonona handray ny hafatr'Andriamanitra isika fa mihevi-tena ho mahalala ny zavatra rehetra. Isika koa aza mitady hampianatra an'i Jesoa. Dia nanontany àry izy : "Inona moa izany no niseho ?" Fantantsika fa i Jesoa dia olona tsotra tsy mba manakorontana atsika izy.
Henontsika tsara ny tantarany tamin'ilay vehivavy nangatahiny rano teo am-pototry ny vovo, nangataka rano amim-pahatsorana i Jesoa ary dia eto ihany koa izy izay mahafantatra ny zava-drehetra dia manontany amim—pahatsorana : inona moa izany ? Nanao azy hampianatra ary nohararaotiny koa hamoahany izay ao am-pony ny namalian'ireo mpianatra an'i Jesoa. Hitan'i Jesoa fa marina izy ireo ka nampianatra azy ireo izy nilaza hoe ; "Ry adala sy votsa saina", io tokoa ny toetrantsika. Matetika tsy ny tena fampianarana no raisintsika fa ny fampianarana avy any ivelany. Rehefa nivaofy sy nampianatra azy ireo ny soratra masina i Jesoa, dia tonga saina ireo mpianatra.
Maromaro ny fampianarana azo raisina eto. Voalohany, ny toetran'i Jesoa feno fahatsorana, feno fanetren-tena ka nahafahany nifandray tamin'ireo manodidina azy. Io ny toe-panahy entina miatrika izao Sinaody izao raha tiantsika ho hisy ady hevitra matotra.
Manaraka izany mibaribary eto ry Kristianina havana fa Fototry ny fiainantsika tokoa ny baiboly. Izay no mahatonga ahy matetika mampirisika antsika hamaky ny baiboly fa indrindra amin'izao isika

miatrika ny Sinaody Eglizy kely miara-mivavaka, miara-mandalina ny finoana izao. Ny Soratra masina, ny tenin'Andriamanitra dia làlana sy fahamarinana ary fiainana hanilo ny fiainantsika. Nisokatra ny FO, ny maso, ny sofina, ny tànan'izy ireo noho ny famindram-pon'Andriamanitra ka ny mason'Andriamanitra no nahitan'izy ireo an'i Jesoa, teo izy ireo vao gaga ka nangataka sy nitalaho tamin'i Jesoa ny hitoerany fa efa hariva ny andro. Izay koa no ataontsika amin'izao Paka izao ry Kristianina havana, handeha hitalaho amin'i Jesoa isika hoe :"Mitoera re ety aminay fa efa hariva izao ny andro".

Hariva manambara fa maizina ny fiainantsika. Io ny fiainantsika eto an-tànana na amin'ny fianakaviana, na amin'ny fiaraha-monina, na eto amin'ny tanindrazantsika. Na eo anivon’izao tontolo izao. Hariva ny fiainantsika ka mila an'i Jesoa, mila FO araka ny voalazako tery amin'ny pelerinajy montagne de français taona maro lasa izay ka nahatonga antsika nanorina ny Sapelin’ny famindrampo, mila fahazavan'i Kristy, izy tafatsangan-ko velona hanilo ny fiainantsika. Alina ny fiainantsika ka hitalaho amin'i Jesoa isika amin'izao Sinaody izao "Mitoera re ry Jesoa aty aminay" ka tsy fanorenana « Sapely » intsony no ataontsika fa ny tanantsika, ny rafitra iainantsika, ny fianakaviana no haorintsika ho « sapely » misy an’Andriamanitra ka zary TABERNAKLA VELONA isika, ho KRISTY MPIARA-BELONA amin’ny olona ka hamafy fanantenana sy fiadanana eo anivon’izao tontolo izay efa tena rotidrotika.

Ho eto anivontsika tokoa anie i Jesoa ary dia hanilo ny fiainantsika. Ndao isika mianakavy hiroso hiara-dalana amin’ny fanatanterahana ny Sinaody faha-7 iombonantsika amin’ny Sinaody faha 16.

Rehefa nijanona i Jesoa ka nizara ny mofo tamin'izy ireo dia nirehidrehitra ny FO amam-panahin'izy ireo, nirehidrehitra niara-nihinana tamin'i Jesoa ary izay ny Eokaristia. Fankalazantsika ny Paka ny Eokaristia na ny ankalazaintsika andavanandro na ny isaky ny Alahady fa indrindra amin'izao Alahady ny Paka ankalazantsika an'i Kristy tafatsangan-ko velona nandresy ny fahafatesana, nandresy ny ratsy ka na inona ny zava-mitranga, na inona aza ny olana dia afaka miroso isika. Ny vakiteny faharoa nosoratan'I Md Paoly ho an'ny Kolosianina dia mampianatra antsika manao hoe : "Raha miara-maty amin' i Kristy ny fahotantsika dia hiara-belona, hiara-mitsangana aminy koa, ny zavatra ambony amin'izay hitoeran'i Kristy no katsaho".

Aoka tsy hirefarefa intsony ny fiainantsika fa efa miara-mitsangana, mijoro isika. Manambara ny hasina ny mahaolona ny fijoroana sy ny fitsanganana ka aoka tsy hirefarefa intsony. Ny asan'ny demony dia ny hampirefarefa antsika. Hitantsika tamin’ny asan'ny bibilava. Nampanantena anefa Andriamanitra fa ny tarana-behivavy no hanitsakitsaka azy. Tsy iza izany fa i Masina Maria. Raha miara-mitsangana amin'i Kristy isika dia handresy. Ny zavatra ao ambony no katsaho dia ny fifankatiavana, ny rariny sy ny hitsiny, ny fihavanana, ny fijoroana ao anatin'ny marina, izay no tian'i Jesoa, fa ireo risoriso, fitapitaka, vonoan'olona, halatra isan-karazany dia asan'ny maizina. Efa ao anatin'ny fahazavan'i Kristy isika ka izay misy an'i Kristy no katsaho. Ireo no làlana hizorantsika.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, nandresy ny fahafatesana tokoa Ianao, nandresy ny ratsy rehetra ianao ka raha miaraka Aminao izahay dia izay misy Anao tokoa, izay hitoeranao anie no misy anay. Ho feno hafaliana izahay ary ho afaka handresy ireo zavatra manahirana rehetra, hikatsaka mandrakariva ny marina, ny tena fifankatiavana, hiady amin'ireo fitiavan-tena, ireo fialonana,

avonavona izay mahatonga anay hirefarefa amin'ny tany. Ny masonao tokoa anie no ho maso hijerenay ny zava-drehetra ka hiova ny fifandraisanay amin'Andriamanitra sy ny fifandraisanay samy olombelona na koa amin'ny zava-boahary ka hitoetra ao anatin'ny fifanajana. Hiova tokoa ny tànanay, mba tsy ho tànana hanampatra hery ka hanao herisetra na ny fitapitaka na vonoan'olona fa tànana hifandray ao anaty fihavanana sady kristianina malagasy entin'ny Paka, vokatry ny Sinaody satria Olo Araiky Fratelli Tutti. Enga anie hovanao koa ny sofinay mba ho sofina hahay hihaino ny hafatrao ka hitahiry sy hivelona an'izany eo anivon'ny fiainanay andavanandro ary indrindra ovao ny vavanay mba ho vava hanambara ny hafalian'ny Vaovao mahafaly eo anivon'ny fianakaviana, ny fiaraha-monina, sy eo anivon'ity tanànanay sy ny tanindrazanay ity, hanjaka tokoa anie ny fiadanana ka ho Paka feno fiadanana sy feno famindram-po izao Paka 2022 izao. Masina Maria Reny mivavahà ho anay mba hahay hihaino ny Tenin'Andriamanitra tahaka Anao izahay ka hitahiry izany ao am-po ka hiova izahay ho TABERNAKLA VELONA tahaka Anao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson